# 3 NY FILAZAM-POTOANA AMIN'NY FIFAMALIANA TELO LAFY

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny mpanamarika fotoana

## LESONA HO TADIDINA

Misy karazany roa ny filazam-potoana ahitana fifamaliana telo lafy:

Ny filazam-potoana ahitana fifamaliana telo lafy m/n/h:

n-: manamarika ny fotoana « lasa»
m-: manamarika ny fotoana « ankehitriny»
h-: manamarika ny fotoana « ho avy»

Mampiasa io fifamaliana telo lafy io ireo matoanteny manana tovona mivaky mi-, ma-, man-, mana-, maha-….

ohatra 1: m-an-rakotra
n- dr
h-

ohatra 2: m-aha-solo
n
h

Ny filazam-potoana ahitana fifamaliana telo lafy Ø-/no-/ho-:

no-: manamarika ny fotoana « lasa»
Ø-: manamarika ny fotoana « ankehitriny»
ho-: manamarika ny fotoana « ho avy»

Mampiasa io fifamaliana telo lafy io ny matoanteny aman-tovana -ina na -ana

ohatra 1 : torovana: Ø-toro-v-ana
no
ho

ohatra 2 : hotadiavina : ho-tadi-av-ina
Ø
no

**Sahanasa 1**

Lahatsoratra : ***I Soafianatra***

*Zatovo nanana ny maha izy azy tokoa i Soafianatra. Nampianarina nandajalanja fotoana tamin'ny zavatra nataony izy. Tamin'ny fialan-tsasatra ihany koa dia tsy mba nandanilany fotoana tamin'ny zavatra tsy nahasoa izy.*

*Nanampy ny tao an-trano izy tamin'ny andro tsy fianarana, namaky boky sy nilalao na niala voly kely kosa anefa taorian'ireo. Nahatafita azy tamin'ny fiainana ny fitazonany izany fanabeazana izany.*

a- Vakio tsara ny lahatsoratra .
b- Lazao ny fotoana isehoany miaraka amin'ny porofo miseho amin'ny matoanteny.
d- Omeo ny teny hafa mitondra mpanamarika fotoana ankoatra ny tsy matoanteny ka lazao ny fifamaliany amin'ny fotoana hafa.
e- Soraty amin'ny fotoana roa hafa indray izy rehefa avy eo.

**Sahanasa 2**

Indreto misy fehezanteny amin'ny filazam-potoana"lasa":

**F1 : Nahavelona olona maro ny ala.**
**F2 : Nosimbain'ny olona ny tontolo iainana.**

Soraty amin'ny filazam-potoana ankehitriny sy ho avy ny F1 sy F2.